# Inona no dikan'ny hoe manao asa amim-pinoana?

TESTAMENTA VAOVAO: BOKY TOROLALANA HO AN'NY SEMINERA

Vakio ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* (2022) "Mahazo fahalalana ara-panahy," andiam-pehezan-teny faha 1–2 ary 5–7, ary ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Rehefa mandalina ianao dia tadiavo ny dikan'ny hoe manao asa amim-pinoana sy ny zavatra afaka manampy anao hampihatra ity fitsipika ity rehefa manana fanontaniana ianao.



Tsy tonga amintsika kisendrasendra ny finoana na koa hitoetra amintsika noho ny fizokiana. … Ny finoana an'i Jesoa Kristy dia fanomezana avy any an-danitra izay tonga rehefa misafidy ny hino sy hikatsaka ary hifikitra amin'izany isika. … Ny finoanao amin'ny ho avy dia tsy avy amin'ny kisendrasendra, fa avy amin'ny safidy. …

Ny finoana dia tsy mangataka velively ny hahazo valiny ho an'ny fanontaniana rehetra fa mikatsaka ny antoka sy ny herimpo mba hirosoana hatrany, sady manaiky indraindray hoe, "tsy mahafantatra ny zavatra rehetra aho, saingy ampy ny zavatra fantatro mba hanohizako ny lalana maha-mpianatry ny Tompo."

Ny mamela ny tena ho feno fisalasalana, fahanan'ny valinteny avy amin'ny kely finoana sy ny tsy mpino, dia mampalemy ny finoan'ny olona iray an'i Jesoa Kristy sy ny Famerenana amin'ny laoniny. "Ny olona izay araky ny nofo ihany dia tsy mba mandray izay an'ny Fanahin' Andriamanitra; fa fahadalana aminy izany" [1 Korintiana 2:14]. …

Na dia kely aza ny afon'ny finoanareo izay vao miforona, dia hitondra fahatokiana lehibe kokoa an' Andriamanitra ireo safidy marina ataonareo, ary hitombo ny finoanareo. (Neil L. Andersen, "Ny finoana dia tsy avy amin'ny kisendrasendra fa avy amin'ny safidy," *Liahona*, nôv. 2015, 65–67)

- Nahoana araka ny eritreritrao no zava-dehibe ny manao asa amim-pinoana rehefa manana fanontaniana sy olana isika?
- Inona ny zavatra nianaranao avy tamin'ireo vakiteny ireo momba ny dikan'ny hoe manao asa amim-pinoana?

NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Dikanteny: 2/21. Fandikana ny *What Does It Mean to Act in Faith?*
Malagasy. PD60012661 654. Natonta tany Etazonia Amerika